REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MASOIVOHO MALAGASY ETO JAPANA

Tompoko,

Tanteraka soa ny "Malagasy Hanami" tao Hokkaido ny Alahady 3 Mey 2015 lasa teo.

Misaotra antsika rehetra tsy ankanavaka tonga niaraka nanao ny “Malagasy Hanami 2015”. Tsy nataontsika ho sakana ny fahalaviran-tany, fa ilay fifankantiavana sy faniriana hiaraka no nataontsika ho ambony, tanteraka ilay fitenintsika malagasy manao hoe:" havan-tiana tsy mahalavi-tany ";

Tolorana fisaorana manokana ireo rehetra niara-nisalahy tamin’ny Masoivoho Malagasy eto Japana nanao ny ainy tsy ho zavatra nahafahana nanantontosa iny “Malagasy Hanami” iny. Misaotra ihany koa ny fanampian’ny Air Madagascar eto Tokyo tamin’ny hetsika izay mampiseho fiaraha-miasa matotra.
Andriamanitra be fitia anie hamaly zavatsoa tamin'ny ezaka nataonareo nahatontosana iny fiarahana iny.

Ho ataontsika lohalaharana ny Firaisankina sy ny Fihavanana ary ny Fifankantiavana ho fanoitra enti-mamoaka ny soa sy ny tsara rehetra avy amintsika tsirairay avy, ho enti- manandratra an'i Madagasikara malalantsika eto Japana ary hitondrantsika ihany koa ny anjara birikintsika ho amin'ny Fampandrosoana an'i Madagasikara.

Manantena sy manentana antsika indray amin'ny hetsika rehetra manaraka.

Mankasitraka sy mankatelina Tompoko.
Samy ho tahian'Andriamanitra aby!

Tokyo, 6 May 2015

Ny Masoivoho Malagasy eto Japana
Chargé d'Affaires a.i
Rosette Rasoamanarivo